

Malagasy Protestant Church in France
Madegassische Protestantische Kirche in Frankreich

Eglise Protestante Malgache en France

Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy



Siège national

47 rue de Clichy
75009 Paris

Tél. 01 45 96 03 05

FANKALAZANA TAOM-BAOVAO 2025

*Fanompoam-pivavahana
Sy Fandraisana*

Culte avec Sainte - Cène

Mpitandrina : Christian RANDRIA

Feon-javamaneno

Mpitarika : ***Amin'ny
Anaran'Andriamanitra
Ray sy ny Zanaka
ary ny Fanahy
Masina !***

Fiangonana : ***Amen !***

Prélude

Officiant : ***Au nom
du Père, du Fils
et du Saint Esprit
!***

Assemblée: ***Amen !***

FIANTSOANA

INVOCATION

Salamo 72. 1-5 , 11-14 , 17-19

**" Andriamanitra ô , omeo ho an'ny mpanjaka ny fitsarànao ,
ary ho an'ny zanaky ny mpanjaka ny fahamarinanao .
Hitsara ny olonao amin'ny fahamarinana izy .
Ary ny malahelonao amin'ny fahitsiana .
Ny tendrombohitra hahavokatra fiadanana ho an'ny olona ,
eny, ny havoana koa amin'ny fahamarinana .**

Psaumes 72. 1-5 , 11-14 , 17-19

**Ô Dieu , donne tes jugements au roi , et ta justice au fils du roi !
Il jugera ton peuple avec justice , et tes malheureux avec
équité .
Les montagnes porteront la paix pour le peuple ,
Et les collines aussi , par l'effet de ta justice .**

Salamo 72. 1-5 , 11-14 , 17-19

" Hitsara ny olona ory izy sy hamonjy ny zanaky ny mahantra ary hanorotoro ny mpampahory .

Hatahotra Anao ny olona , raha mbola maharitra koa ny masoandro sy ny volana hatramin'ny taranaka fara mandimby .

Ary ny mpanjaka rehetra hiankohoka eo anatrehany ; ny firenena rehetra hanompo Azy .

Psaumes 72. 1-5 , 11-14 , 17-19

Il fera droit aux malheureux du peuple , il sauvera les enfants du pauvre , et il écrasera l'oppressé.

On te craindra, tant que subsistera le soleil , tant que paraîtra la lune, de génération en génération .

Tous les rois se prosterneront devant Lui , toutes les nations Le serviront .

Salamo 72. 1-5 , 11-14 , 17-19

Fa hamonjy ny mahantra mitaraina Izy sy ny ory tsy manana kamony ; Hiantra ny reraka sy ny malahelo Izy ary hamonjy ny fanahin'ny malahelo .

Hanavotra ny fanahiny amin'ny fampahoriana sy ny fanaovana an-keriny Izy ; ary ho zava-dehibe eo imasony ny ràny .

Ho mandrakizay ny anarany ; raha mbola maharitra koa ny masoandro ,

Psaumes 72. 1-5 , 11-14 , 17-19

Car il délivrera le pauvre qui crie , et le malheureux qui n'a point d'aide .

Il aura pitié du misérable et de l'indigent , et Il sauvera la vie des pauvres ; Il les affranchira de l'oppression et de la violence ,
Et leur sang aura du prix à ses yeux .

Son nom subsistera toujours , aussi longtemps que le soleil,

Salamo 72. 1-5 , 11-14 , 17-19

dia hanorobona ny Anarany ; ary Izy ho fitaiana ny olona ; ny firenena rehetra hanao azy ho sambatra .

Isaorana anie Jehovah Andriamanitra , Andriamanitry ny Israely ;

Izy Irery ihany no manao fahagagana .

Ary isaorana mandrakizay anie ny anarany malaza ; ary aoka ny tany rehetra ho henika ny voninahiny . Amena dia Amena . "

Psaumes 72. 1-5 , 11-14 , 17-19

son nom perpétuera ; par Lui on se bénira mutuellement , et toutes les nations le diront heureux .

Béni soit l'Eternel Dieu , le Dieu d'Israël , Qui Seul fait des prodiges !

Béni soit à jamais son nom glorieux ! Que toute la terre soit remplie de sa gloire ! Amen ! Amen !

Hira : FFPM 746 - Mifalia Ry Sakaiza

1. Mifalia ry sakaiza

Fa nahazo taom-baovao ;

Zanahary no mitaiza

Ka isaory sy hajao !

Mihirà sy mihobia,

Jeso Tompo no derao ;

Miravoa, mifalia,

Velona aina ianao !

Réjouissez-vous les amis de ce nouvel an

Le Seigneur nous nourrit, Alors remerciez et respectez

Chante et crie, Louez le Seigneur Jésus;

Réjouis-toi, réjouis-toi, Vous êtes vivant !

FFPM 746

**Fiv : Mifalia ry sakaiza
Fa nahazo taom-baovao ;
Zanahary no mitaiza
Ka isaory sy hajao !**

*Chante et crie,
Louez le Seigneur Jésus;
Réjouis-toi, réjouis-toi,
Vous êtes vivant !*

FFPM 746 - 2

2. Izaò no andro mampifaly,

Andro lehibe anio,

Dia hira mahafaly

No hatao ankehitrìo ;

Zanahary no mitàna,

Mifalia ianao !

Tonon-kira hoe : Hosana

No hatao aty izao

C'est un jour heureux, Aujourd'hui est un grand jour,

Chantons des chants joyeux aujourd'hui

Dieu nous protège, Soyez heureux !

Chantons : Hosanna maintenant

FFPM 746

**Fiv : Mifalia ry sakaiza
Fa nahazo taom-baovao ;
Zanahary no mitaiza
Ka isaory sy hajao !**

*Chante et crie,
Louez le Seigneur Jésus;
Réjouis-toi, réjouis-toi,
Vous êtes vivant !*

FFPM 746 - 3

**3. He Hosana, he Hosana,
Ho Anao ry Tompo ô !
Fihirana, fiderana
No asandratray izao !
Dera, saotra, hery, laza,
Ho Anao Mpanjakanay !
Ho Anao anie ny haja,
Raiso ho Anao izao !**

Hosanna, Hosanna, pour Toi, Seigneur !

Chants et louanges, pour te célébrer aujourd'hui

Louange, remerciement pour toi, notre Roi !

Recevez notre Gratitude Seigneur

FFPM 746

**Fiv : Mifalia ry sakaiza
Fa nahazo taom-baovao ;
Zanahary no mitaiza
Ka isaory sy hajao !**

*Chante et crie,
Louez le Seigneur Jésus;
Réjouis-toi, réjouis-toi,
Vous êtes vivant !*

VAVAKA FIDERANA

**« Ry Tompon'ny
Fiangonana sy Lohany ary
Mpanavotra azy ô ! Tonga
eto anatrehanao izahay
hisaotra sy hankalaza Anao
sy hidera ny Anaranao be
voninahitra . Ny sitraponao
irery no tiany ho re , ary
aoka ny Anaranao ihany no
hisandratra . Koa tonga eto
anatrehanao izahay
hanaiky Anao. Mitenena
Tompo ô ! Fa mihaino
izahay mpanomponao .
Amena»**

PRIERE DE LOUANGE

**« Ô Seigneur de l'Eglise ,
sa Tête et son
Sauveur ! Nous voici
devant Toi pour Te
remercier ,Te louer et
rendre grâce à Ton Nom
plein de gloire . Qu'ils
veulent écouter seulement
Ta volonté ,et que Ton Nom
Seul s'élève . Ainsi nous
sommes venus devant Toi
pour T'accepter .
Parles Ô Seigneur ! Car
nous tes serviteurs , nous
T'écoutons . Amen »**

SITRAPON'ANDRIAMANITRA

**Aoka hohenointsika ny
sitrapon'Andriamanitra
Tomponentsika , araka izay
nandidiany antsika
hanompoantsika Azy amin'ny
fahamarinana :**

**" Ezaho ny fiantsoanao , fa aza atao
malemy , asandrato ny feonao ho
tahaka ny an'ny ajomara ,ka
ambarao amin'ny oloko ny
fahadisoany ary amin'ny taranak'i
Jakoba ny fahotany . Tsy izao va no
fifadiana izay ankasitrahako : dia
ny hamaha ny famatoran'ny
faharatsiana , sy hanaboraka ny
fehin'ny zioga, sy handefa ny
ampahoriana ho afaka.**

VOLONTE DE DIEU

**« Crie à plein gosier , ne te
retiens pas , élève ta voix
comme une trompette , et
annonce à mon peuple ses
iniquités , à la maison de Jacob
ses péchés !**

**Voici le jeûne auquel je prends
plaisir : Détache les chaînes de
la méchanceté , dénoue les liens
de la servitude , renvoie libres
les opprimés , et que l'on rompe
toute espèce de joug ;**

SITRAPON'ANDRIAMANITRA

" Moa tsy ny hizara ny mofonao ho an'ny noana va, sy hampiantrano ny ory manjenjena , ary mba hanfianao izay mitanjaka , ka tsy hihirim-belona amin'ny namanao ianao ? Fa raha izany, dia hiposaka tahaka ny fahazavan'ny maraina ny fahazavanao , ary ho tonga faingana ny fahasitrananao . Ny fahamarinanao ho loha-làlanao , ary ny voninahitr'i Jehovah ho vodi-làlanao ." (Isaia 58 / 1, 6-8)

VOLONTE DE DIEU

Partage ton pain avec celui qui a faim , et fais entrer dans ta maison les malheureux sans asile ;

Si tu vois un homme nu , couvre-le , et ne te détourne pas de ton semblable .

Alors ta lumière poindra comme l'aurore , et ta guérison germera promptement ;

Ta justice marchera devant toi , et ta gloire de l'Eternel

t'accompagnera .» (Esaïe 58 / 1,6-8)

Hira : FFPM 79
« Sambasamba Zanahary »

Sambasamba Zanahary
::,:Tamin'ny nampidinanao
Ny Zanakao malalanao
Mba hisolo ny helokay !:,::

Gloire à toi Seigneur
Qui a envoyé sur terre
Ton Fils bien-aimé
Pour Expié nos péchés

FIAIKEN-KELOKA

" Ry Kristy Zanak'Andriamanitra
velona ô ! Mamindrà fo aminay
mpanota . Hoy lanao : Mankanesa
aty amiko ianareo rehetra izay
miasa fatratra sy mavesatra entana .
Tompo ô !

Tonga manatona Anao izahay ; esory
sy afaho ny entam-pahotanay , ary
ataovy mahita fifaliana noho ny
famindram-ponao izahay . Efa
namela ny helok'ireo olona
nositrano lanao ; mba sitrano
amin'ny otanay sy ny aretinay
rehetra ary afaho amin'ilay ratsy
izahay .

Ary satria tsy mba diso
fanantenana mihitsy izay manatona
Anao koa raiso ny fisaoranay
Anao ry Tompo ô ! Amena . "

CONFESSION DES PECHES

« Ô Seigneur Fils de Dieu
vivant ! Fais miséricorde à
nous les pécheurs . Tu disais :
Venez à Moi vous fatigués et
chargés . Ô Seigneur ! Nous
nous approchons de Toi ;
enlève et libère-nous de nos
charges de péchés , fais-nous
voir la joie par ta miséricorde .
Tu as déjà pardonné les
personnes que Tu as guéri ;
Guéris- nous de nos péchés et
de toutes nos maladies et
libère-nous du mal. Comme
personne qui s'approche de
Toi n'est jamais désespéré ,
ainsi reçois notre louange
envers Toi Ô Seigneur !
Amen »

Hira : Ry Andriamanitra Tompo

Ry Andriamanitra Tompo Ray any an-danitra ô, mamindrà fo aminay ;

Ry Jesosy Tompo mpamonjy izao tontolo izao, mamindrà fo aminay ;

Ry Fanahy Masina Tomponay Mpampionona ô, mamindrà fo aminay !

Dieu, le Père qui est aux cieux, aie pitié de nous ;

Seigneur Jésus, sauveur du monde, aie pitié de nous ;

Ô Esprit Saint, notre Consolateur, aie pitié de nous !

FAMELAN-KELOKA

" Ampionony , ampionony ny oloko , hoy Andriamanitrareo ; mitoria teny soa mahafaly amin'i Jerosalema , ka lazao aminy fa vita ny adiny , sady voavela ny helony , ary efa nandray indroa heny tamin'ny tànan'i Jehovah izy ho valin'ny fahotana rehetra nataony .

Fa izay miandry an'i Jehovah dia mandroso hery kosa ; elatra no hiakarany tahaka ny voromahery ; hihazakazaka izy , nefa tsy ho sasatra ; handeha izy nefa tsy ho reraka . » (Isaia 40 / 1,2,31)

ANNONCE ET ACCEUIL DU PARDON

Consolez , consolez mon peuple , dit votre Dieu .

Parlez au cœur de Jérusalem et criez-lui que sa servitude est finie , que son iniquité soit expiée , qu'elle a reçu de la main de l'Eternel au double de tous ses péchés . Mais ceux qui se confient en l'Eternel renouvellent leur force .

Ils prennent le vol comme les aigles ; ils courent , et ne se lassent point , ils marchent , et ne se fatiguent point .

(Esaïe 40 / 1,2,31)

FANKALAZANA

Mpitarika :

**Voninahitra any
amin'ny avo
indrindra ho
an'Andriamanitra**

Fiangonana : **Ary
Fiadanana ho ety
ambonin'ny tany
amin'ny olona
ankasitrahany**

GLORIA

Officiant : **Gloire
Gloire au plus
haut des cieux à
Dieu**

Assemblée : **Et
paix sur la terre
parmi les
hommes qu'il
agrée**

Hira : FFPM 537: 1 - 4
«Endrey ny hamaroan'ny soa !»

1. Endrey, ny hamaroan'ny soa
Nomenao Ray ho ahy koa!
Ny aiko, he, navotanao,
Ny heloko vonoinao.

Comme les bienfaits
Tu m'as offerts sont nombreux !
Tu as sauvé ma vie
Tu as effacé mes fautes

Hira : FFPM 537

**Fiv : Eny, Raiko,
He! Ravoravo tokoa
Ity zanakao voavonjy re,
Ka velombelona ery.**

Oui, Père

Ton enfant est tellement heureux

D'être sauvé

Qu'il revit

Hira : FFPM 537: 4

**4. Ny foko no hidera izao,
Hisaotra sy hanaja Anao,
Hanoa, ho vonona hanao
Ny sitrakao rehetra.**

*Mon cœur te loue maintenant
Pour Te bénir et Te rendre gloire
T'obéir et être prêt à faire Ta volonté.*

Hira : FFPM 537

**Fiv : Eny, Raiko,
He! Ravoravo tokoa
Ity zanakao voavonjy re,
Ka velombelona ery.**

Oui, Père

Ton enfant est tellement heureux

D'être sauvé

Qu'il revit

**Feon-java-maneno
fohy**

**Jeu d'orgue
(Interlude)**

**SEKOLY
ALAHADY**

**ECOLE DU
DIMANCHE**

Hira : FFPM 357: 1
«Efa tonga aty izao»

1. Efa tonga aty izao

Teny fiainana :

Raiso mba ho fiainanao,

Teny fiainana.

He ! ny teny tsara,

Teny manan-kery :

Elle est arrivée, La Parole de vie

Reçois-la pour la vivre, La Parole de vie.

Voici la Bonne Parole, Parole puissante.

Hira : FFPM 357: 1
«Efa tonga aty izao»

**Tenin'ny Ray,
Tsara tokoa,
Teny fiainana.**

Parole du Père
Excellente
Parole de vie.

**VAVAKA HO
AN'NY TENY**

**PRIERE
D'ILLUMINATION**

**FAMAKIANA NY
TENIN'
ANDRIAMANITRA**

**LECTURES DE
LA PAROLE
DE DIEU**

**Testamenta Taloha:
Isaia 60.1-6**

**Epistily :
Efesiana 3.2-6**

**Ancien Testament
Ésaïe 60.1-6**

**Épître :
Ephésiens 3.2-6**

Isaia 60.1- 6

1 Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao, ary ny voninahitr'i Jehovah efa miposaka aminao. 2 Fa, indro, ny aizina manarona ny tany, ary ny aizim-pito manarona ny firenena; fa aminao kosa no iposahan'i Jehovah, ary aminao no isehoan'ny voninahiny. 3 Ary ny firenena manatona ny fahazavanao, ary ny mpanjaka mankeo amin'ny famirapiratan'ny fiposahanao.

Ésaïe 60.1-6

1 Lève-toi, sois éclairée, car ta lumière arrive, Et la gloire de l'Eternel se lève sur toi. 2 Voici, les ténèbres couvrent la terre, Et l'obscurité les peuples; Mais sur toi l'Eternel se lève, Sur toi sa gloire apparaît. 3 Des nations marchent à ta lumière, Et des rois à la clarté de tes rayons.

Isaia 60.1- 6

4 Atopazy manodidina ny masonao ka jereo! Izy rehetra dia mivory ka mankaty amina; Ny zanakao-lahy dia avy lavitra, ny zanakao-vavy dia sakelehina. **5** Ary hahita izany ianao ka ho miramirana, dia hiemponempona sady hohalehibiazina ny fonao; fa ho entina ho anao ny haren'ny ranomasina, ary hafindra ho anao ny fananan'ny firenena.

Ésaïe 60.1-6

4 Porte tes yeux alentour, et regarde: Tous ils s'assemblent, ils viennent vers toi; Tes fils arrivent de loin, Et tes filles sont portées sur les bras. **5** Tu tressailliras alors et tu te réjouiras, Et ton coeur bondira et se dilatera, Quand les richesses de la mer se tourneront vers toi, Quand les trésors des nations viendront à toi.

Isaia 60.1- 6

6 Ho feno ny rameva betsaka ao aminao, dia ny rameva tanora avy any Midiana sy Efaha, samy avy any Sheba izy rehetra; volamena sy ditin-kazo mani-pofona no ho entiny, ary ny fiderana an'i Jehovah no teny mahafaly hambarany.

Ésaïe 60.1-6

6 Tu seras couverte d'une foule de chameaux, De dromadaires de Madian et d'Epha; Ils viendront tous de Séba; Ils porteront de l'or et de l'encens, Et publieront les louanges de l'Eternel.

Efesiana 3.2- 6

2 raha mba renareo ny fitondrana ny

fahasoavan'Andriamanitra izay nomena ahy ho anareo, 3 fa fanambarana no nampahafantarana ahy ny zava-niafina, araka ny voasoratro tamin'ny teny fohifohy teo. 4 Ary araka izany raha mamaky hianareo, dia ho hainareo fantarina ny fahafantarako ny aza-niafina ny amin'i Kristy,

Ephésiens 3.2-6

2 si du moins vous avez appris quelle est la dispensation de la grâce de Dieu, qui m'a été donnée pour vous. 3 C'est par révélation que j'ai eu connaissance du mystère sur lequel je viens d'écrire en peu de mots. 4 En les lisant, vous pouvez vous représenter l'intelligence que j'ai du mystère de Christ.

Efesiana 3.2- 6

5 izay tsy mbola nampahafantarina ny zanak'olombelona tamin'ny taranaka lasa tahaka ny fanambaran'ny fanahy ankehitriny amin'ny Apostoly masina sy ny mpianany, 6 dia ny ahatongavan'ny jentilisa ho mpiray lova sy ho tena iray ary ho mpiombona ny teny fikasana ao amin'i Kristy Jesosy noho ny filazantsara,

Ephésiens 3.2-6

5 Il n'a pas été manifesté aux fils des hommes dans les autres générations, comme il a été révélé maintenant par l'Esprit aux saints apôtres et prophètes de Christ. 6 Ce mystère, c'est que les païens sont cohéritiers, forment un même corps, et participent à la même promesse en Jésus-Christ par l'Evangile,

Hira : FFPM 357: 2

- 2. Io no Filazantsara soa,
Teny fiainana :
Teny mamy indrindra koa,
Teny fiainana.
Raisonao ny teny,
Teny soa nomeny :**

*C'est la Bonne Nouvelle, Parole de vie
Qui nous est le plus cher, Parole de vie.
Accepte la Parole, la Parole qu'Il t'a donnée*

Hira : FFPM 357: 2

**Tenin'ny Ray,
Tsara tokoa,
Teny fiainana.**

Parole du Père

Excellente

Parole de vie.

Filazantsara :
Matio 2.1-12

Évangile :
Matthieu 2.1-12

Matio 2.1- 12

1 Ary rehefa teraka Jesosy tao Betlehema an'i Jodia, tamin'ny andron'i Heroda mpanjaka, indreo, nisy Magy avy tany atsinanana tonga tany Jerosalema ka nanao hoe: **2** Aiza Ilay teraka ho Mpanjakan'ny Jiosy? fa nahita ny kintany teny atsinanana izahay ka tonga mba hiankohoka eo anatrehany. **3** Ary nony nandre izany Heroda mpanjaka, dia nangorohoro izy mbamin'i Jerosalema rehetra.

Matthieu 2.1-12

1 Jésus étant né à Bethlehem en Judée, au temps du roi Hérode, voici des mages d'Orient arrivèrent à Jérusalem, **2** et dirent: où est le roi des Juifs qui vient de naître? car nous avons vu son étoile en Orient, et nous sommes venus pour l'adorer. **3** Le roi Hérode, ayant appris cela, fut troublé, et tout Jérusalem avec lui.

Matio 2.1- 12

4 Dia namory ny lohan'ny mpisorona rehetra sy ny mpanora dalàna tamin'ny vahoaka izy ka nanontany azy hoe: Aiza moa no hahaterahan'i Kristy? 5 Ary hoy ireo taminy: Ao Betlehema an'i Jodia; fa izao no voasoratra ny mpaminany: 6 Ary hianao, ry Betlehema, tanin'ny Joda, tsy dia kely indrindra ao amin'ny andrianan'ny Joda hianao tsy akory; Fa avy ao aminao no hivoahan'izay anankiray ho Mpanjaka, Ka Izy no ho Mpiandry ny Isiraely oloko (Mik.5.1).

Matthieu 2.1-12

4 Il assembla tous les principaux sacrificateurs et les scribes du peuple, et il s'informa auprès d'eux où devait naître le Christ.
5 Ils lui dirent: A Bethléhem en Judée; car voici ce qui a été écrit par le prophète: 6 Et toi, Betlehem, terre de Juda, Tu n'es certes pas la moindre entre les principales villes de Juda, Car de toi sortira un chef Qui paîtra Israël, mon peuple.

Matio 2.1- 12

7 Dia nampaka ny Magy mangingina Heroda ka namototra fatratra taminy izay andro nisehoan'ilay kintana. **8** Dia naniraka azy hankany Betlehema izy ka nanao hoe : Andeha, fotory tsara ny amin'ilay Zazakely ; koa rehefa hitanareo Izy, dia ambarao amiko, mba hankanesako any koa hiankohoka eo anatrehany. **9** Ary rehefa nandre ny tenin'ny mpanjaka izy ireo dia lasa ; ary, indro, ilay kintana hitany teny atsinanana nialoha azy mandra-pijanony teo ambonin'izay nitoeran'ny Zazakely.

Matthieu 2.1-12

7 Alors Hérode fit appeler en secret les mages, et s'enquit soigneusement auprès d'eux depuis combien de temps l'étoile brillait. **8** Puis il les envoya à Beëléhem, en disant: Allez, et prenez des informations exactes sur le petit enfant; quand vous l'aurez trouvé, faites-le-moi savoir, afin que j'aie aussi moi-même l'adorer. **9** Après avoir entendu le roi, ils partirent. Et voici, l'étoile qu'ils avaient vue en Orient marchait devant eux jusqu'à ce qu'étant arrivée au-dessus du lieu où était le petit enfant, elle s'arrêta.

Matio 2.1- 12

10 Ary nony nahita ny kintana izy, dia nifaly indrindra. **11** Ary rehefa tafiditra tao an-trano izy, dia nahita ny Zazakely sy Maria reniny ka niankohoka teo anatrehany ; ary nony efa nosokafany ny fitehirizan-drakiny, dia nanolotra zavatra ho Azy izy, dia volamena sy zava-manitra ary miora. **12** Ary rehefa notoroan'Andriamanitra hevitra tamin'ny nofy izy tsy hiverina any amin'i Heroda, dia làlana hafa no nalehany nody ho any amin'ny fonenany.

Matthieu 2.1-12

10 Quand ils aperçurent l'étoile, ils furent saisis d'une très grande joie. **11** Ils entrèrent dans la maison, virent le petit enfant avec Marie, sa mère, se prosternèrent et l'adorèrent; ils ouvrirent ensuite leurs trésors, et lui offrirent en présent de l'or, de l'encens et de la myrrhe. **12** Puis, divinement avertis en songe de ne pas retourner vers Hérode, ils regagnèrent leur pays par un autre chemin.

Hira : **Ray Masina O**

Chant : **O Mon père
Célèste**

**FANEKEM-
PINOANA**

**CONFESSION DE
FOI**

Hira : *FF6 Ny Teninao*

**1. Ny teninao, Jehovah Ray mahery,
Izay nomenao anay,
Dia teny tsara sady mampahery
Ka mampifaly ny fonay !**

*Ta parole, puissant Père Jéhovah,
Ce que tu nous as donné,
C'est un mot bon et encourageant
Cela fait plaisir à nos cœurs !*

Hira : *FF6 Ny Teninao*

Fiv : Ny teninao,

Mofon'aina sakafo tokoa !

Ny teninao,

Ranon'aina satria foto-tsoa

Ny teninao no teny tsy mba maty

Maharitra mandrakizay !

Ta parole est le pain de la vie

Ta parole est l'Eau de la vie

Parce qu'elle est bonne

Tes paroles qui ne meurent jamais

Elles durent pour toujours !

Hira : *FF6* - 2

**2. Soraty re ho velona ao anaty
Hitondra aina vaovao,
Hitana ny finoana tsy ho faty,
Ka hankatò ny didinao !**

*Inscrivez-les au fond de nous
Pour apporter une nouvelle vie,
Pour garder une foi éternelle,
Afin que nous obéissions à Tes ordres*

Hira : *FF6 Ny Teninao*

Fiv : Ny teninao,

Mofon'aina sakafo tokoa !

Ny teninao,

Ranon'aina satria foto-tsoa

Ny teninao no teny tsy mba maty

Maharitra mandrakizay !

Ta parole est le pain de la vie

Ta parole est l'Eau de la vie

Parce qu'elle est bonne

Tes paroles qui ne meurent jamais

Elles durent pour toujours !

TORITENY PREDICATION

**Feon-java-
maneno fohy**

Jeu d'orgue

**FANDRAISANA
NY FANASAN'NY
TOMPO**

SAINTE CÈNE

Hira : FFPM 71: 1 - 3
« Mihaino! Mihaino! »

1. Mihainoa, mihainoa
Ny feon'anjely sambatra
Milaza fa vao teraka
Ny Zanak'Andriamanitra !
Mihainoa izao !

Oh, écoutons Oh écoutons
Les voix de l'ange
Qui nous annonce
Car le Christ nous est né.
Oh, écoutons maintenant

Hira : FFPM 71: 3

**3. Mba omeo, mba omeo
Ny fonao fa angatahiny !
Ny tenany natolony
Anao izay malalany !
Mba omeo izao !**

*Oh, offrons Oh offrons
Notre cœur car IL nous réclame
IL s'est donné
à tous ceux qu'IL aime
Oh, offrons maintenant*

Sursum Corda

Mpitarika : **Asandrato ny fonareo ho eo amin'ny Tompo**

Fiangonana : **Asandratrany ny fonay ho eo amin'ny Tompo**

Mpitarika : **Aoka ho deraintsika ny Tompo Andriamanitra**

Fiangonana : **Mendrika ho deraina Izy**

Sursum Corda

Officiant : **Elevons nos cœurs vers le Seigneur**

Assemblée : **Nous élevons nos cœurs vers le Seigneur**

Officiant : **Louons Dieu notre Seigneur**

Assemblée : **Il est digne de louanges**

Préface

***Mpitarika* : Eny tokoa
Tompo ô, Ray Masina,
Andriamanitra
mandrakizay, mahefa
ny zavatra rehetra,
mety sy mahavonjy ny
isaoranay Anao
amin'ny fotoana rehetra
sy amin'ny toerana
rehetra amin'ny alalan'i
Jesoa Kristy Tomponay,
izay tia anay sy nanolo-
tena hamonjy anay ;**

Préface

***Officiant* : Oh oui
Seigneur, Père Saint,
Dieu éternel, tu fais tout.
Il est bon et c'est pour
notre salut que nous te
bénédissons en tout temps
et en tout lieu par ton
Fils Jésus Christ, notre
Seigneur, qui nous aime
et s'est livré pour nous
sauver;**

Préface

***Mpitarika* : Amin'ny alalany
koa no ideran'ny anjely ny
fiandriananao sy
itsaohan'ny fanapahana sy
ny fahefana rehetra anao
amin'ny tahotra ary
iarahan'ny fiangonana any
an-danitra sy ety an-tany
midera ny anaranao
amin'ny fihobiana ary
izahay koa ankehitriny
miara-manandratra ny
feonay aminy, ka amin'ny
fanajana lehibe no
hihirainay hoe :**

Préface

***Officiant* : C'est aussi par
LUI que les anges louent
Ta Grandeur, que toute
domination et toute
puissance T'adorent, que
toutes les Assemblées
dans le ciel et sur la terre
chantent Ton Nom par des
louanges.
De même nous,
maintenant nous élevons
ensemble nos voix et c'est
avec un grand respect que
nous te louons :**

Hira : 65 1-2

1. Ry Betlehema kely ô!

Sondrian-tory ve?

Kanefa injay miseho ao

Ny hazavana be.

Ny toky sy ny tahotra

Mihaona ankehitrino,

Fa Kristy Mpanavotra

No teraka anio

Ô Bethléem ! As-tu sommeil ?

La lumière y apparaît

Confiance et peur s'y entrecroisent

Mais le Christ Rédempteur, est né aujourd'hui

Hira : 65 2

2. Ry kintana maraina ô!

Fitarik'andro soa,

Toria fa tonga aty izao

Ilay Mpanjaka soa!

Ka he! ny voninahitra

Ho an'Andriamanitra!

Fiadanana tsy tapitra

Ho an'ny olona!

Ô étoile du matin qui nous guide

Acclame et répands que le Roi est né

Et l'honneur adressé uniquement à notre Dieu

La paix éternelle est pour le peuple

Teny Fanorenana

***Mpitarika* : Jesosy Kristy Tompo , tamin'iny alina iny izay namadihana Azy , dia nandray mofo , ary rehefa nisaotra Izy , dia novakiny , ka hoy Izy : Ity no tenako ho anareo , izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy . Dia araka izay koa ny kapoaka , rehefa nisotro , dia hoy Izy : ity kapoaka ity no Fanekena Vaovao amin'ny rako , izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy , na oviana na oviana no misotro ianareo .**

Institution

***Officiant* : Le Seigneur Jésus-Christ, cette nuit-là où il fut trahi, prit du pain, et lorsqu'il rendit grâce, il le rompit et dit : Ceci est mon corps pour vous, faites cela en mémoire de moi. Alors la coupe fut la même, quand il but, il dit : cette coupe est la Nouvelle Alliance en mon sang, fais cela en souvenir de moi, chaque fois que tu bois.**

Teny Fanorenana

***Mpitarika* : Fa na oviana na oviana ianareo no mihinana itony mofo itony sy misotro amin'ny kapoaka , dia manambara ny fahafatesan'ny Tompo ianareo mandrapihaviny . (2 Korintiana 11 / 23-26)**

Institution

***Officiant* : Mais chaque fois que vous mangez ce pain et buvez à la coupe, vous proclamez la mort du Seigneur.**

Vavaka fahatsiarovana

***Mpitarika* : Ry kristiana malala, aoka isika hahatsiaro an'i Jesoa Kristy izay maty nisolo antsika sy nitsangana ho velona ho fanamarinana antsika, ary aoka isika hiara-misaotra sy hivavaka :**

Anamnèse

***Officiant* : Chers amis en Christ, faisons mémoire de Jésus-Christ qui est mort pour nous et qui est ressuscité des morts pour nous justifier, c'est le sacrifice d'action de Grâce que nous offre Dieu, ensemble bénissons-LE et prions :**

***Mpitarika* : Misaotra Anao izahay Andriamanitra Rainay, Tompon'ny lanitra sy ny tany, fa noho ny famindram-ponao aminay mpanota mahantra, dia nomenao ny Zanakao Lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay.**

***Officiant* : Nous te remercions Dieu notre Père, Seigneur du ciel et de la terre. Par Ta miséricorde envers nous pécheurs malheureux, Tu nous as donné Ton Fils unique afin que quiconque croit en Lui ne meure point mais qu'IL ait la vie éternelle.**

Mpitarika :

**Rainay any an-danitra ô ,
indreto izahay manao eto
anatrehanao ny
fahatsiarovana ny
fahatongavan'ny Zanakao
ho olona , ny fijaliany sy
ny fahafatesany , ny
fitsanganany tamin'ny
maty ary ny fifonany
mandrakizay ho anay . Koa
miandry sy mitalaho ny
fiverenany izahay .**

FAHANGINANA

Officiant : Notre Père qui est aux cieux, nous faisons ici devant toi le souvenir de la venue de ton Fils comme homme, de ses souffrances et de sa mort, de sa résurrection et de son intercession éternelle pour nous. Nous attendons donc et implorons son retour.

SILENCE

*Vavaka fangatahana ny
Fanahy Masina*

***Mpitarika : Ankehitriny, Ray
ô, aidino ny Fanahy Masina
mba hameno ny fonay ka
handraisanay tokoa ny
Tomponay amin'ny finoana
velona amin'izao izy
manatona anay amin'izao
fanasana izao.***

***Fiangonana : Amena, avia
Fanahy Masina !***

Epiclèse :

***Officiant : Maintenant, Père,
Fais descendre ton Saint-
Esprit, qu'IL remplisse nos
cœurs afin que nous
sachions vraiment recevoir
notre Seigneur d'une foi
vivante, qui nous permet de
répondre à cette invitation.***

***Assemblée : Amen, Viens
Saint-Esprit !***

Vavaka fangatahana ny Fanahy Masina

Fiangonana : Ry Jesoa Kristy Tompo ô , izahay izay tonga eto anatrehanao hiombona amin'ny latabatrao masina dia mangataka Aminao , mba hampiraisinao Aminao ohatry ny Sampana amin'ny Voaloboka . Ampianaro hifankatia tahaka ny itiavanao anay .

Ary aoka izahay hiara-manana amin'ny Fiangonana masina manontolo ny fiononana sy ny fifaliana Aminao . Amena .

Epiclèse :

**Assemblée : Oh Seigneur Jésus-Christ, nous qui venons ici pour te rejoindre à Ta sainte table, nous te demandons de nous rejoindre comme les sarments de la vigne. Apprends-nous à nous aimer comme tu nous aimes.
Et ayons avec toute la Sainte Église le réconfort et la joie en Toi. Amen.**

Hira:FFPM 261,1-5 Ankehitrrio no isehoanao

1. Ankehitrrio no isehoanao

Ry Jeso Tompo izay malalanay

Ankehitrrio no anandramany,

Ny hafaliam-ben'ny lanitrao.

Aujourd'hui, Seigneur Jésus,

Tu Te présentes à nous,

Aujourd'hui, nous goûtons

les joies célestes.

Hira:FFPM 261,5

5. “Raiso ny Tenako” no teninao,
“Ary ny Rako ho fiainana”
Am-pitiavana no andraisanay,
Na dia tsy mendrika aza izahay.

*Tu as dit “Prends mon corps et mon sang
pour la vie”*

*Avec amour nous les recevons
même si nous n’en sommes pas dignes.*

Famakiana ny mofo sy fanandratana ny kapoaka

Mpitarika : Ny mofo izay vakintsika dia firaisana amin'ny Tenan'i Jesoa Kristy Tompontsika
Ny kapoaky ny fisaorana izay isaorantsika dia firaisana amin'ny Ran'i Jesoa Tompontsika , ny Ran'ny Fanekena Vaovao izay nalatsaka ho an'ny maro .

Fraction du pain et élévation de la coupe

Officiant : Le pain que nous rompons est communion avec le Corps de notre Seigneur Jésus-Christ

La coupe d'action de grâce pour laquelle nous rendons grâce est la communion avec le Sang de notre Seigneur Jésus, le Sang de la Nouvelle Alliance qui a été versé pour beaucoup.

FANASANA

Mpitarika : Hoy Jesoa
Kristy Tompo :
Indro efa mijoro eo am-
baravarana Aho , ka
mandondona , raha misy
mihaino ny feoko ka
mamoha ny varavarana ,
dia hiditra ao aminy Aho ,
ka hiara-misakafo aminy ,
ary izy Amiko . (
Apokalypsy 3 / 20)
Avia fa efa voavaotra
avokoa ny zavatra rehetra .
(Matio 22 / 4)

INVITATION

Officiant : **Jésus-Christ**
a dit :

Me voici à la porte, je
frappe, si quelqu'un
écoute ma voix et
ouvre la porte,
j'entrerai chez lui, et je
mangerai avec lui, et
lui avec moi.

(Apocalypse 3/20)

Venez, tout a été
racheté. (Matthieu 22 /
4)

Hira : FFPM 254 - 1
Avia ry Mangetaheta o !

1. Avia, ry mangetaheta ô!
Ka aza dia mba mamoy fo,
Fa indro misy rano velona,
Izay omena mba hamelona
Anao mahantara sy variana,
Ry zanak'ondry very làlana !

Viens, toi qui as soif

Ne désespère pas, car voici une eau vive

Qui t'est offerte pour te ranimer,

Toi, misérable et distrait, Brebis égarée

FANDRAISANA

Mpitarika : Hoy Jesoa Kristy
Tompo :

Raiso , hano , ity no
Tenako ho anareo , izao no
ataovy ho fahatsiarovana Ahy .

Sotroinareo rehetra ity , fa ity
no Rako , dia ny amin'ny
Fanekena Vaovao izay
nalatsaka ho amin'ny maro ho
famelan-keloka , izao no ataovy
ho fahatsiarovana Ahy , na
oviana na oviana no misotro
ianareo .

COMMUNION

Officiant : Jésus-Christ a
dit :

Prenez, mangez, ceci est
Mon corps pour vous,
faites cela en souvenir de
Moi.

Buvez-en tous, car ceci
est mon Sang, c'est-à-dire
celui de la Nouvelle
Alliance qui a été versé
pour beaucoup pour le
pardon des péchés. Faites
cela en souvenir de moi,
chaque fois que vous
buvez.

Hira : FFPM 67 1-3-4 Avia ry mino !

1. Avia, ry mino!

Hifaly sy hihoby,

Avia, avia hankany Betlehema;

Teraka Jeso,

Tompon'ny anjely;

Peuple fidèle, le Seigneur t'appelle

C'est fête sur Terre, le Christ est né

Viens à la crèche

Voir le Roi du monde

Hira : FFPM 67 Avia ry mino !

**Fiv : Avia hitsaoka Azy (in-3)
Izay Tomponao!**

*En Lui viens reconnaître (3)
Ton Dieu, ton Sauveur*

Hira : FFPM 67 - 3

**3. Derao, ry anjely,
Mihobia mafy,
Ry mponina an-danitra
ao ambony ao!
Dera sy laza
Atolory Azy;**

*Peuple acclame avec tous les anges
Le maître des hommes
Qui vient chez toi
Dieu qui se donne
A tous ceux qu'il aime*

Hira : FFPM 67 Avia ry mino !

**Fiv : Avia hitsaoka Azy (in-3)
Izay Tomponao!**

*En Lui viens reconnaître (3)
Ton Dieu, ton Sauveur*

Hira : FFPM 67 - 4

**4. He, arahaba,
Tonga aty an-tany
Ny Tompo, Mpamonjy sy
Mpanjaka koa,
Tenin'ny Rainy
Voatafy nofo,**

*Peuple fidèle, en ce jour de fête
Proclame la gloire
De ton Seigneur
Dieu se fait homme
Pour monter qu'il t'aime*

Hira : FFPM 67 Avia ry mino !

**Fiv : Avia hitsaoka Azy (in-3)
Izay Tomponao!**

*En Lui viens reconnaître (3)
Ton Dieu, ton Sauveur*

Teny fampaherezana

Mpitarika : Jeso Kristy
Tompon-tsika izay voahombo
tamin'ny hazo fijaliana ka
nitsangana tamin'ny maty no
efa nanome anareo ny Tenany
sy ny Ràny izay nanavotany
anareo tamin'ny fahotana
rehetra, Izy anie hampahery
sy hiaro anareo amin'izany
amin'ny finoana marina ho
fahasambarana mandrakizay.
Ho aminareo anie ny
fiadanana !

Amena

Exhortation

Officiant : Jésus-Christ notre
Seigneur qui a été crucifié,
qui est mort et qui est
ressuscité, c'est Lui qui
vous a donné son corps et
son sang pour vous pour
vous sauver de tous vos
péchés. C'est LUI qui vous
fortifiera et vous gardera
dans la vraie foi pour le
bonheur éternel.
Que la Paix soit avec vous !

Amen

Hira : FFPM 750
Dera, laza ry Mpanjaka

1. Dera, laza, ry Mpanjaka !
No atolotray Anao
Noho Hianao nitahy :
Tratranay ny taom-baovao.

Ô Roi, louange et gloire

Nous T'offrons

Grâce à Toi

Tu nous a conduit à cette nouvelle année.

Hira : FFPM 750 - 2

**2. Andro maro izay no lasa,
Be ny soa hitanay ;
Fitahia-mahagaga
Azo taminao, ry Ray!**

Bien des jours sont passés

Nous avons vu tant de bienfaits

Nous avons reçu de Toi

Une bénédiction admirable

Hira : FFPM 750 - 3

**3. Marobe ny ratsy vita,
Lehibe ny helokay,
Ka tsy mendrika hiantso
Ny Anaranao izahay**

Nous avons commis beaucoup de fautes

Nos péchés sont nombreux

Aussi, nous ne sommes pas dignes

D'appeler Ton nom

Hira : FFPM 750 - 4

**4. Miantrà, ry Zanahary!
Mamelà, ny helokay,
Ka sasao ny ran'i Jeso,
Mba hadio izahay.**

Prends pitié de nous, Seigneur !

Pardonne nos fautes

Purifie nous

Par le sang de Jésus

Hira : FFPM 750 - 5

**5. Aoka re ny andro sisa
Hanompoanay Anao ;
Hatanjaho, ry Jehovah!
Izahay mpanomponao.**

*Que les jours qui nous restent
Soient pour Te servir
Donne-nous la force, Seigneur
Nous tes serviteurs.*

**FILAZAN-
DRAHARAHA**

ANNONCES

RAKITRA

OFFRANDE

Hira : FFPM 75 Andro malaza sady soa

1. Andro malaza sady soa tokoa

‘Lay andro ‘zay nisehoan’i Jeso:

‘Zay nantenain’ny mpaminany koa

Mba hampiseho fihavanana,

Ce jour où Jésus est apparu

Est un jour célèbre et bon

Que les prophètes nous ont promis

Pour prouver l'alliance.

Hira : FFPM 75

**Mifalia sy mihobia mafy,
Efa tonga ny Mpanavotrao;
Avia, ka miderà, Derao io Zaza io,
;,: Hobio, hobio, Fa Tompontsika io.:,;**

Réjouissez-vous et acclamez fort

car votre Sauveur est arrivé

Venez, rendez gloire à cet Enfant

Acclamez, acclamez-le, car c'est notre Seigneur

Hira : FFPM 75 -2

**2. Anjely maro no nihoby tao;
Mpiandry ondry nitsaoko Azy koa.
Ny olon-kendry koa nanasina Azy,
Andeha mba hankalaza Azy izao:**

*De nombreux anges L'ont acclamé
Des bergers lui aussi ont rendu gloire
Les sages l'ont aussi béni
Venez Le célébrer maintenant.*

Hira : FFPM 75

**Mifalia sy mihobia mafy,
Efa tonga ny Mpanavotrao;
Avia, ka miderà, Derao io Zaza io,
;,: Hobio, hobio, Fa Tompontsika io.:,;**

Réjouissez-vous et acclamez fort

car votre Sauveur est arrivé

Venez, rendez gloire à cet Enfant

Acclamez, acclamez-le, car c'est notre Seigneur

Hira : FFPM 75 -3

**3. Dera sy haja no atolo tray
Anao ry Jeso 'zay teraka anio!
Ka mba mandraisa ny fanatitray,
Ho zava-mani-pofona tokoa!**

*Nous T'offrons Gloire et honneur
A Toi, Jésus qui est né aujourd'hui
Reçois notre offrande
Qu'elle soit vraiment comme la myrrhe.*

Hira : FFPM 75

**Mifalia sy mihobia mafy,
Efa tonga ny Mpanavotrao;
Avia, ka miderà, Derao io Zaza io,
;,: Hobio, hobio, Fa Tompontsika io.:,;**

Réjouissez-vous et acclamez fort

car votre Sauveur est arrivé

Venez, rendez gloire à cet Enfant

Acclamez, acclamez-le, car c'est notre Seigneur

**Hira fanolorana
ny rakitra**

**Présentation de
l'offrande**

Hira : Ry Tompon'ny harena ô !

Ry Tompon'ny harena ô!

Fanatitra an-tsitrapo

Atolotray Anao izao

Mba raisoka tahioNao

Seigneur de la richesse

Nous te présentons nos offrandes

Acceptes et bénis les

**VAVAKA
FISAORANA
SY
FANGATAHANA**

**PRIERE D'ACTION
DE GRACE
ET
D'INTERCESSION**

Hira : FFPM 20, 1-2-4 Tsaroanay tokoa izao

1. Tsaroanay tokoa izao

Ny soa be noraisinay

Tsy tapaka avy taminao,

Ry Andriananaharinay !

*Nous nous souvenons maintenant
Des bienfaits que nous avons reçus
Sans cesse venant de Toi,
Oui notre Dieu Créateur.*

Hira : FFPM 20, 2

2. Ny lasa itodihana

Dia nampiseho avokoa

Ny tanam-pitiavana

Miahy sady manaso.

Le passé que nous revoyons

Montre la main pleine d'amour

Qui prend soin et qui prodigue du bien.

Hira : FFPM 20, 4

4. Dia tokinay tokoa izay

Fa mbola ho arovanao

Anio, ampitso, rahatrizay,

Izay miankina aminao.

Maintenant, nous sommes sûrs

Que Tu protégeras encore

Aujourd'hui, demain et pour toujours

Celui qui s'appuie sur Toi.

HAFATRA

" Mitomboana amin'ny fahasoavana sy ny fahalalana an'i Jesosy Tompontsika sy Mpamonjy ." (II Petera 3 / 18a)

EXHORTATION

Croissez dans la grâce et dans la connaissance de notre Seigneur et Sauveur Jésus-Christ . (II Pierre 3 / 18a)

TSODRANO

" Mitahy anareo ny Tompo , ka miaro anareo .

Mampamirapiratra ny Tavany aminareo ny Tompo , ka mamindra fo aminareo .

Manandratra ny Tavany aminareo ny Tompo ka manome anareo fiadanana . "
(Nomery 6 / 25,26)

BENEDICTION

Que l'Eternel fasse luire sa face sur toi , et qu'Il t'accorde sa grâce ! Que l'Eternel tourne sa face vers toi , et qu'Il te donne la paix ! (Nombres 6 / 25-26)

Hira : FFPM 70, 1-2 Iza moa io Zazakely

1. Iza moa io Zazakely

::: Ao Betlehema :::

Ankalazain'ny anjely

Misasaka alim-be?

Qui est cet Enfant à Bethléem

Glorifié par les anges à minuit

Hira : FFPM 70, 1-2 Iza moa io Zazakely

**Injao mihira avokoa
Ny mponina ao an-danitra,
Ka iza re io Zaza soa
Moa Zanak'Andriamanitra?**

Ecoutez chanter les peuples du ciel

Alors qui est cet Enfant ?

Est-ce le Fils de Dieu?

Hira : FFPM 70, 1-2 Iza moa io Zazakely

**Io no Mpanjaka voatendry,
Sady mahery no hendry,
::: Zanak'Andriamanitsika,
Koa hobio sy ifalio ! :::**

C'est le Roi désigné

Puissant et sage

Acclamez et réjouissez-vous

Pour le Fils de notre Dieu.

Hira : FFPM 70, 2

**2. Izy no Jeso Mpanjaka,
::: Ka mihobia :::
Izy mamory sy maka
Avia, mihobia!**

C'est le Roi Jésus

Alors acclamez-Le

C'est lui qui réunit et prend

Venez acclamer

Hira : FFPM 70, 2

Omeo voninahitra,
Ka mitehafa tanana;
Hobio ry tendrombohitra
Sy lohasaha mavana!

Rendre gloire

Applaudissez

Montagnes et vallées verdoyantes

Acclamez.

Hira : FFPM 70, 2

Io no Mpanjaka voatendry,
Sady mahery no hendry,
::: Zanak'Andriamanitsika,
Koa hobio sy ifalio ! :::

C'est le Roi désigné

Puissant et sage

Acclamez et réjouissez-vous

Pour le Fils de notre Dieu.

FANIRAHANA

Mpitarika : Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina izay hatramin'ny taloha indrindra sy ankehitriny ka ho mandrakizay. Amena.

Mandehana amin'ny fiadanana, ka manompoa ny Tompo

Fiangonana : Isaorana anie Andriamanitra !

ENVOI

Officiant : Gloire à Dieu Père Fils et Saint Esprit comme au commencement, à nos jours et d'éternité en éternité. Amen.

Allez dans la Paix au service du Seigneur

Assemblée : Béni soit le nom de l'Éternel !

**FEON-JAVA
MANENO**

FIRAVANA

*ARAHABA
TRATRY NY
TAONA 2025*

JEU D'ORGUE

*BONNE
ANNÉE 2025*